NY HAFATRAO RY NENY !

« VONINKAZO NOTAZAKO ! »

Niatomboka nandritry ny :
Isan'efa-bolana tany AMBOHITROMBY
tamin'ny Janvier 1955

Nenitoa Pina
RAMALALAHARISOA
Delphine
(1910-1980)

NY HAFATRAO RY NENY !

« VONINKAZO NOTAZAKO ! »

Ny fiainana dia tampon-tanety vakivakian'ny mpandeha.
Isankarazany ny ***VONINKAZO*** *eny.*
Manintona ny maso eny am-pandehanana !
NOTAZAKO *hifidiananao izay tianao ireto*

Nenitoa Pina
RAMALALAHARISOA
Delphine
(1910-1980)

1) « Izay mahalala onony amin’ny fahadiovana no hihamaloto.

2) « Andosiro ny fakampanahy, nefa raha tratrany ianao, manatreha hiady aminy.

3) « Aza ny fahadiovana no mahagaga anao ; izay mipetraka eo amin’ny seza fiandrianana tsy maintsy misatrok’andriana.

4) Azo atao fanomezana avokoa afa-tsy ny hajan’ny tena.

5) « Ny fitiavana miankina dia mirodana rehefa rava ilay niankinany ; fa ny miorina amin’ny fototra ihany no azo hianteherana. »

6) « Izay tsy manadino ny lasa, sy manahy ny ho avy dia mijaly lalandava, fa izay tsy mijery afa-tsy ny ankehitriny no sambatra toy ny zazakely. »

7) « Tsy azo onerana izay fahadisoa-mpanantenana, fa ny fahaiza-mamalifaly tena no diloilo ahosotra ny ferim-po, tsy ho fanasitranana fa fanalefahana azy mba tsy aharenesa-maharary loatra.

8) « Toy ny olona mihiboka ao amin’ny efi-trano feno setroka izay tsy afaka mamboraka ny ao am-pony.
Ny fananany olo-mahatoky amoahana izany no toy ny varavara-novohana ahazoany rivotra iainana. »

9) « Tsy ny nateraka ihany no zanaka, fa izay manaiky ho tiavina sy mety ho tia dia azon'ny fo itoerana. »

10) « Tsy azo ferana amin'izay fahefany ny olona, nefa ny baikon'ny fo kosa dia tsy azon'olona sakanana. »

11) « Raha te-ho mpitsara ianao, dia mijoroa eo afovoany ; tandremo ny sofinao tsy mbola hihontsina amin'ny feon-dakolosy tokana. »

12) « Arakaraky ny fahaizan'ny mpisolo vava no mampanify ny rariny. »

13) « Ny fitiavana maloto dia maty ho azy fa raha fitiavana madio, na vonoina aza tsy maty. »

14) « Mankarary ny mandefitra, « nefa ilaina ». »

15) « Raha tianao hisy ny fatiantoka dia ataovy be ny tombana, fa manontania raha te-hahalala, ary mifanazavà raha te-hifanaraka. »

16) « Tsy izay miseho masoandro ihany no mazava,
na izay sahy mazava dia tsara avokoa ;
misy ny vorondolo miseho andro, nefa koa ny voninahitry
ny kintana dia ao amin'ny aizina ihany. »

17) « Aza manatanteraka faniriana tsy mbola nolavina. »

18)« Mba efa nahita sifotra nivelatra ve ianao ? Finareta fotsiny mijery ny fivelarany fa aza alaimpanahy hanohina azy ; fa hikombona izy ka arakaraky ny hanokafanao azy indray no hanamafiany hidy ny tenany. »

19) « Ahoana no filoky ny olona tsy mahatana ny teny nataony. »

20) Hery lehibe maharo lavitra noho ny hasarota-piaro ny vetso mangina hoe : « Tsy manao izany ny olon-tiako »
Ny fefy no maha-te-hihoatra.

21) « Aza manao hoe : olombelona tsy misy hafa,
satria misy toetra maha-tsivalahara ny sasany,
nefa maha-te-ho faty ny sasany. »

22) « Misy olona mahatoky, nefa tsy mahatoky olona. »

23) « Ny tsikelikely no fiadiana ampiasain'ny fahazarana handresena ny henatra. »

24) « Na tsy maintsy ho simba aza ny zavatra, aoka tsy ianao no nanimba azy. »

25) Mampihinan-tena loatra ny voateny
eo am-piomanana hilaza indrindra.

26) « Rehefa nekena ho tiavina, dia tiavo amin'ny fo,
fa kely hery ny fitiavana amboamboarina. »

27)« Voatombana ho ratsy ny tia afinafina, ary toy ny tsy nanao soa akory izay tsy tia lazalaza. Soa ihany lahy fa tsy ny miseho no maha-olona fa ny fanahy. »

28) Hadinonao angaha ny fahakambotiako no miteny ianao hoe : « nefa, amboamboariko ihany ny saiko mba tsy hampaninona ahy izay zavatra mety hitranga »
Ary izao kosa àry no mba teniko aminao : « Tsy fidin'ahy ny toerako ka aza atao tsikirity momba fody aho. »

29) Sedrao aloha, ka rehefa tsy miova
vao sahia milaza fa volamena.

30) Izay mandry saina no ho lavitry ny fandrosoana.

31) Fanao angaha izany ? Ianao izany no vao manoro ahy
ny zavatra tsy fantatro akory.

32) Iza no diso kokoa : ny mangataka tsy mahazo dia maka ihany, sa ny maka tsy miera ?

33) Matetika dia voninahitrao no angatahan'olona alalana aminao fa tsy fahefana akory, ka aza araraotinao handavana izany. Raha izany dia mety tsy hiteny intsony izy amin'ny sisa, satria matahotra ny tsy ahazo. Nefa, fantaronao koa fa « tsy izay hita ihany no misy. »

34) Aza manahirana olona amin'ny mety ho vitan'ny tena ihany.

35) Ataoko ahoana moa no fandà, fa ianao hangataka no mba tokony hieritreritra.

36) Ny adidy no ampirisihina, fa ny fitiavana mandeha ho azy.

37) Ny fieritreretako sahady ny fandavana mety ho valin'izay hanontaniako dia misakana ahy tsy hanontany akory.

38) Ny marina tsy mba maty, nefa ny marin-doatra dia mamono tena.

39) Mandrombaka ny fotoana manontolo ny fahasorenana avy amin'ny zavatra iray loha ihany.

40) Maninona moa no dia nanao raha tsy ahavatra tsinona e !

41) Izay lehilahy na vehivavy misotro ny « Aleoko maty toy izay afa-baraka » dia tsy hampihisatra ny masony ka hanalehibe izay zavatra tsy mbola
42) mihatra aman'aina tsinona hita ao amin'ny tokantranony, fa ireo mihevitra ny « fisaraham-panambadiana » ho fomba fanao kosa, dia mahay manitatra, na dia zavatra tsy manao ahoana loatra aza, ho antony tsy lefitra intsony.
Koa dia moramora aminy foana ny manala ny baraka nisalobonany -
« Tsy misy zava-mahamenatra toy ny misaraka am-panambadiana : hoy ilay nananatra ny anabaviny, nefa rehefa tsy avy amin'ny tena ny antony, dia tsy misy tokony hampaninona na dia kely aza »
Izao no nandikako izany : « Aoka tsy ianao Ranabavy no tsy ho hendry. »

43) Samy afo no ateraky ny vy mifandona sy ny hazo maina mifampikasokasoka. Saingy ny avy amin'ny fifandonana dia afom-pahatezerana, fa ny fifampikasohana no miteraka afom-pitiavana.

44) Hadinonao angaha ny teninao !

45) Izay manana ny marina hijoroany dia tsy mihontsina amin'izay fanombantombanana azy foana ; fa ny ratsy ihany no kaody, ka te-handositra na tsy misy manenjika aza.

46) Izay iray alehan'ny ratsy na hiarina na hivarilavo,
izay iray ataony na hifona na hikiribiby -

47) Misy ady ao anaty rehefa tsy mifanaraka ny fo sy ny saina -
Izay eken'ny saina tsy azoazon'ny fo, ny hevitra atao ampifaly ny fo, toa mampitabataba ny saina.
Dia izany no tsy hisian'ny fianinana.

48) Saro-polahina ny herin'ny fo, nefa hotonga ho azy amin'izay nahafotaka azy ny eritreritra milamina, fa raha resin'ny fo ny saina, dia avy manaraka ny nenina.

49) Tandremo ny alahelo, nefa aza variana loatra.

50) Aza ny olona no andrasana handà anao vao handà tena ianao.
Mbà manira-tena.

51) Toy ny eo amoron'ny lalina nefa voafefy,
izay akaiky fakampanahy nefa mitandro ny hajany :
matoky fa tsy hianjera any.

52) Mifalia amin'ny fitiavana nekena ho anao,
aza mierim-pitia fa mahakelikely fitia -
Tsy ianao irery no olo-malala.

53) Fiononana ho an’ny vehivavy toa nanonona foana ilay teny tarý am-piandohan’ny tokantranony hoe : « Izaho no mandidy » ny fanazavany ao an-tsainy fa matoa tompon’ny ampahatelon’ny haren’ny mpivady izy dia tsy anjarany koa ny androatokon’ny fahefana ao an-tokantrano.

54) Mampahatoky ny fitokisana.

55) Angamba tsy mendrika ho eo amin’io toerana irinao io ianao, raha tsy izany efa misy tompony io.

56) Ny herin’ny elastika dia ny fikainkonany, ary ny fahaveloman’ny sifotra dia ny fanoherany ny fanokafana azy.

57) Tsy misy tsy miady, fa izay te-hisaraka no maniry tribonaly.

58) Aza dia fatra-pifehy loatra, fa tsy hankaiza ianao akory raha sendra ny tsy tan-dalàna.

59) Arakaraky ny fihenjanan’ny fitondrana no hitomboan’ny fandeferana aminy.

60) Mbola tsy nanandrana ny vahona angaha ianao, no tsy mahalala ny ngidiny.

61) Izay tsy mahay mampandry ny eritreriny dia hikorofohany, ka ho ditsoka mbamin’ny torimasony.

62) Raha tsy fantatrao izay tiako, dia apetraho eo amin’ny toerako ny tenanao, fa ho fantatrao.

63) Izay mitanintanina no ho tratry ny hafanana, ary izay voadona ihany no mangana. Mampaninona ny vorona moa ny feom-basy, raha tsy voan'ny bala izy tsinona. Taitra fotsiny izy fa afa-mandositra.
« Ny fampandrenesa-mampanan'adidy. »

64) Ny mpanasaro-javatra dia manimba ny tenany, fa ny mpanamora zavatra dia manimba ny namany.
Ny mpanasaro-javatra dia toy ny rivo-doza, ka mampisafotofoto ny milamina, ary ny mpanamora zavatra dia toy ny omby masiaka : matory any am-pahitra rehefa avy manoto.

65) Ho tratry ny masonao ve ny fitsoriakan'
ny zana-tsipika, fa izay nitsatohany banjininao. Tsy hijanona eo amin'izay toerana namelezany akory ny loza, mandalo izy fa ny fanaravana vokany no hojerenao milamina.
Dia toy izany ny asan'ny mpanamora zavatra : Hadinony izay nataony, fa ianao sorena amin'ny nataony no lazainy fa adala. Rehefa avy mandratra ny fonao izy dia miteny hoe : Tsy manenjika ahy ny fieritreretako, fa voin-tenanao mety hanjakan'ny fahasorenana foana - Sa marary ianao omem-panafody ?
« Samy tsy manenjika ny fieritreretana milamina sy fieritreretana maty -
Itony teny itony no hamonoany ny an'ny mpanamora zavatra.
« Tsy maninona izany. Tsy mankaiza iny. Mampaninona anefa e. Tsy misy antony akory. Fiaina-mandalo ity, tezitezi-poana » etc...

66) Ny fahendrenao no ihadiako ny rariny, fa ny adala no andeferana.

67) Ny fanantenana fa mbola ho tafarina no hanoherana, fa ny fanekena ho tsindriana dia fandeferana na famoizam-po.

68) Aza saro-tiavina fa tsy satrin'ny olona akory hisahirana.

69) Ny anaovako talaky mandeha anao dia ny ahaizanao mandeha irery.

70) Aza vao mainka hiankinanao sy hianteheranao ny fanarenana anao hijoro.

71) Mampangidy ny tena amin'olona ny tsy fahaiza-mampanantena. Tsy ny tsy filazana mialoha izay kasaina atao anefa no tsy ahavitana.
Ny fanambarana fikasana dia mpanenjika sy mpandodona, ka mandreraka ambony ihany.

72) Izay manala ny fandeferana aron'ny masony, dia ahita hazo fijaliana ao amin'ny tokantranony.

73) Izay mihoatra ny adidy vao fitiavana.

74) Ny fampanjarian-tsy ahombiazana, fa ny fatotra mampaninton-tady.

75) Izay mbola miandry ahazo izay zavatra iriny vao hanomboka hiadana, dia mbola tsy hiadana ihany na azony aza ilay zavatra.

76) Ny adidy dia baikon'ny saina, ary ny fitiavana dia ny fo no manetsika.
Ny adidy tsy atao amim-pitiavana dia fanompoana ; ary ny fitiavana tsy arahin'adidy dia tsy azo antoka.
Rehefa miara-manetsika ny saina sy ny fo dia manjary « adidy mahafinaritra. »

77) Tsy torina ny marina, nefa tsy mandainga.

78) F'angaha tsy voatsapako ny soa nataonao tamiko raha tsy lazainao, sa tapany ka fenoin'ny vava ?
Matoa tsy hadino ny soa natao dia mbola anantenam-baliny amin'ilay nanaovana.

79) Endre ! Izato reharehanao miteny hoe :
« Tsy ampy ny fikarakarako, ka tsy tsara loatra ny voninkazo eo an-jaridaiko. »
Fa mandehana eny an-tampon-tanety, ka miondreha maka izay voninkazo iray sendran'ny masonao ; fa hanetry tena avy hatrany ianao mahita ny hatsarantarehiny : Iny vonin'ahitra kely eny an-tànanao iny àry dia mitory ny voninahitr'Andriamanitra aminao. Ary toky ho anao ny mahatsiaro ny mahatsinontsinona anao, satria io aza, mainka fa ianao dia karakarain'Andriamanitra.

80) Sady manontany anao aho, no manontany ny tenako hoe : Mba inona re no anton'ny fankatòavanao ahy sy ny hankatoavako anao : tahotra sa fanajana sa fitiavana ?

81) Fiononana no anano mba hianiranao.

82) Ny rano lalina tsy mba mikotaba,
fa izay misavoana dia onja ihany.

83) Tery ny toeram-boninahitra, sao ianao mitady hivalampatra, koa raha eo no anjara-toeranao, dia mahaiza manery tena.

84) Iza moa no naniry ! Fa ny fahità- no maha-te.

85) Ny fahasambarana dia efa eo amin'ny tena ihany toy ny rivotra iainana fa tsy tsaroana ny fisiany ka tadiavina indray. Koa matoa izany mitady azy dia tsy ahita azy intsony akory -

Ny tsy manana fahasambarana no mitady azy, nefa raha te- hahita azy dia aza mitady intsony, satria izay tsy mitady dia efa manana azy -

Eo amin'izay mahatsiaro sambatra no misy ny fahasambarana, nefa raha amin'ny fotoana ahatsiarovana fa ananan'ny tena izy, no isian'ny anton-javatra manala azy amin'ny tena, dia aleo ihany manantena ny ahita azy toy izay noseraniny dia lasa izy

86) Raha nitia olona ianao ka nisy toetrany tsy maintsy nahatonga anao ho tezitra, satria « ny mifampikasoka ihany no mifandona. » Tezitra mafy ianao ka sendaotra aza : Te-hiala madiodio ve ianao, ka hihenjana hiteny hoe : « Aoka izay, fa ratsy ka tsy tiako », sa mahay misento amim-pitiavana ka hilefitra hoe : « Zakaiko ny aminy fa anjarako izy. »

87) Raha nanaiky hifampitondra amin'olon-tia ianao. Nisy naha-tsontsa anao anefa, satria olombelona. Rariny ny fahatezerany, ary sendaotra ny fony noho ny alahelony.
Ho hainao ve ny hiezaka hampitony azy hiverenan'ny fitiavany anao, sa zaranao aza izy tofoka f'efa madisadisa ianao ?

88) Izay mahay mifampitsitsy fitiavana no hateza firaisana.

89) Ny fanontanian-tena no ain'ny fahatsiarovan-tena.

90) Mahery lanja noho ny fanekena antsoratra ny teny nifanaovana ; noho izy tsy azo dorana na rovitina.

91) Ny maniry ho azy no mirobona ho azy, fa ny nambolena dia mila fanolokoloana.

92) Satrinao tsy hananana mba hirifanao, fa rehefa azonao sao ahatofoka anao.

93) Zaran'ny olona aza ianao tia tanintany, dia fantatrao sahady ilay antony saiky mbola hanahirana sy ahasaikatra azy ny hilaza azy aminao.

94) Aza mikiry amin'ny hanampianao ny hafa rehefa hita fa misalasala izy. Mety ho vao mainka hampitombo ny fahasahiranany ny hevitrao.
Voatery hanaiky izy satria menatra, nefa ny fahafaham-ponao dia fahasorenana ho azy.

???

99) « Mifandefitra nefa tsy mifanome alahelo.
« Mifanome fahefana nefa tsy mifanjakazaka.
« Mifampitsimbina nefa tsy mifampihafahafa.
« Mifampizaka nefa tsy mifampitambesatra.
« Manana safidy voafetran'ny fanajana.
« Mifalifaly eo ambanin'ny fahatsiarovantena.
Raha tsy mety ho hita ny « afovoany » dia ny « antonony » tadiavina.

100) Hery mangina toy ny baikon'ny famantaranandro.

101) Raha te-ho vavolombelona ianao, dia fotory ny marina holazainao ; ka aza ampitomboina na hanalana ; tandremo sao misalovana ny anjaran'ny mpisolo vava.

102) Hevitra faran'izay tsy mety, nefa ny hany tsy maintsy tanterahina.

103) Mahatsiarova fahadisoana, ka mitsora raha mbola te- hihavana. Raha ianao no manidy, vohay izay nohidinao raha te-hotafiditra ianao.

104) Ny feon-dakolosy no re fa tsy ny an'ny mpamelon-dakolosy.
Ny fidoladolan'ny hazo sy ny fihetsiketsiky ny ravina no hita, fa tsy ny rivotra mitsoka azy.
Mangina ny asan'ny mpanorisory, fa ny sorena no miseho ka disoina. « Tsy ny antony fa ny vokany . »

105) Te-hahalala nefa tsy te-hanontany, nony ilazana, na liana aza dia mody tsy rototra, fa mihazona ao am-po ny vokatr'izany tsy hiseho : na mahagaga, na mampihomehy.

106) Ampy ny fialan-tsiny indray mandeha, aza averimberina, fa raha sendra ny olona mahavanona dia tsy hamaly intsony izy fa manamafy fo hoe : « Avelako himenomenona eo. »

107) Tombana no hamenoan'izay nahatsikaritra ny tsy tratran'ny masony. Voafitak'izany izy ka tsy afaka handinika intsony, fa manameloka avy hatrany.

108) Samy adala amin'ny zavatra tiany ny olona, fa hendry amin'izay tsy azoazony.

109) Mampitombo ny alehan'ny saina ny fahafantarana zavatra betsaka, koa fero ny faniriana te-hahalala raha tsy te-ho be zavatra hoeritreretina.

110) Maniry, nefa tsy sahy fa manahy ka mijaly.

111) Ny fandeferana dia tsy fahafaham-po ; nefa afa-po foana izay tsy nahatsindry fo, fa fatiantoka no vokany.

112) Ny tombotsoan'ny mpivavaka dia eo amin'ny andro mahory. Ahazoany hery ho enti-mizaka fahoriana ny fametrahany amin'Andriamanitra ny tsy takany ny sainy, ary miteraka fiononana ho azy izany.

113) Finaritra ianao misangy onja, koa mahaiza àry, sao voateliny ianao.

114) Tandremo sao mamono ny afo, ka lozanao ny hitenenako hoe : Nangatsiaka terý ny foko, fa novonoinao ny afo tato anatiko.

115) Fitsipika, hitondrana ny fiainana, mba ahazoana miantehitra amin'ny mahitsy.
Izay miala amin'ny fitsipika dia ahavita kitoatoa.

116) Hamaizininy ny namany, mba hamiratany.
Hitsaka no hijoroany.

117) Tsy misy fanazavana ilain'izay efa mivonona hanome tsiny. Aleo mangina satria tsy fitadiavana ny marina tsinona.

118) Ny zavatra irina hananana, sy ny olona tian-ko tiàvina no avadibadika amin'ny lafiny tsara sy ratsy, fa ny efa an'ny tena dia hanakimpiana maso, sy hanapenan-tsofina izay tsininy.
Eo am-pifidianana no fijerena tsiny (? avotra?) fa tsy eo am-pananana.

119) Mila sotasota ianao rahavako raha mitady ny rariny amin'izany ; fa mionona amin'izao satria ny fandeferan'ny vehivavy no fiadanany.
Raha te-hiady, dia mihadia ny rariny.
Ny fotaka mandry no mampahadio ny rano.

120) Ny olona tsy mifankahazo am-po no mifandambolambo fotsiny, fa ny tena mifankatia dia mifanadihady.
« Izay milaza aminao ny tsininao no tena tia anao. »

121) Izay mahatsiaro ny maha-olombelona azy dia hieritreritra fotsiny amin'ny fahitany ny namany tsontsa, fa tsy hanenjika na hitora-bato azy.

122) Raha ny tahotra sy ny henatra olona no tsy anaovana ny ratsy, dia ahavita tokoa rehefa tsy misy ny mahatahotra sy ny mahamenatra.

123) Mbola tsy mianjera, matoa mbola matahotra ny hianjera, koa miezaha izany mba tsy hianjera.

124) Raha mahatsiaro tsy mifihimpihina ianao, tsapao sao tapaka ny kofehin'ny fifehezantena sy ny fahatsiarovantena.

125) Aza simbàna amin'ny tombantombana sy ny ahiahy ambony ihany ny saina.

Fa raha tsy tantinao ny miara-miaina amin'ny olona tsy tanteraka amin'ny tsara rehetra irinao aminy, dia fotory ny marina ; koa raha manana porofo na dia kely ihany aza hijoroanao amin'ny hevitrao hoe :

Aleo misaraka toy izay mifanimba, dia tanteraho ny hevitra tsy hiraisana amin'ny ratsy.

Aleo ho an'ny mpitandro ny henatr'olona ny fandeferana.

Moa hain'izay mitandro ny henatr'olona atao ve ny tsy hiaro ny hasin'ny firaisana tsy ho simba ? Koa aza maika loatra hiakatra eny an-tampon-trano amin'izato volomborona entinao, fa ho mora ny hitsofan'ny rivotra an'iny ; nefa izay lasa tsy hiverina intsony.

126) Ny vavan'ny olona dia toy ny lobolobo nampanirian'ny oram-pahavaratra. Sorohina ny azo sorohina, fa ny tsy tratry ny hery, aoka hanapitra ny faniriny mitombo, mirobona, maina, maty dia mihintsana ho azy.

???

129) Fatra-pitsitsy loatra – Finaritra mitahiry ny fahafaham-pon'ny sasany.

Ny tsy tonga no ratsy - Tonga tena fa tsy àry fanahy - Tsy liana hanontany, mamaly tsy sazoka.

Finaritra mijery ny fisahiranan'ny sasany manokatra ny fony, fa tsy mba miezaka ahazoany valin'asa.

130) Raha azo antoka fa hisy vokany ny fanokafana dia ataovy, fa raha ahina fa vao mainka hampihidy sy hampikombona azy indray, dia aleo miandry ny nahim-pony, fa hampitombo ny fangainana foana.

131) Iza no mety kokoa : mihevitra ho toy ny tsy misy izay zavatra niseho, sa mitadidy sy mitahiry ireny ?

132) Samihafa ny tsy naratra sy ny efa manolatra.

133) Raha ianao no tia, aza ny olona no terena,
ary raha ianao no tsy tia, aza misakana.

134) Ny resaka na vaovao tsy misy fotoana mety ilazana azy,
na tsy voalaza tamin'ny fotoana tokony hamoahana azy dia lefy ao am-pihibohana.

135) Tsy manao teny maharary, nefa mandratra fo amin'ny atao.

136) Ny vady tsy entam-barotra, ka izay be vola no hahazo ny tsara, na izay mahay mifidy no hanana ny mahafa-po.
Karazan'antsapaka sy kinanga ihany ny fanambadiana :
ao ny nahita ny tsara ilainy, fa misy koa no tratran'ny ratsy nahìny.
Raha manana ny tsara dia mifalia, ary raha sendra ny ratsy dia oria.
Raha toa ny nataon'ny tena no nanànana ny tsara, dia aza manantena koa fa ny asan'ny tena no ahatsara ny ratsy.

137) Raha tahotra sy henatra olona no anaovana ny tsara,
dia ahavita ratsy rehefa tsy misy olona ahamenatra sy ahatahotra.

138) Na ahiahy, na hita no maharatsy ny olona, dia miankina amin'ny fitiavana azy no ahasahiana mananatra azy.
Ny tiana tsy isoronana.

139) Tsy manana porofo, fa sempotry ny tombantombana asesiky ny ahiahy.

140) Ento ny anjara hazo fijalianao fa aza anantenàna ny hafa hiara-milonjy.

Raha ny olona no mangoraka, ka te-hiara-milanja, dia aza ianao indray no miala. Hanamaivana anao izy, fa tsy hisolo voina anao akory. Raha te-hibaiko ianao, na te-hijery fotsiny dia makà mpikarama : ny herimpon'ny mpikarama no voavidim-bola fa tsy ny an'ny olon-tia akory.

141) Tsy hain'ny vavan'ny olona ny mamorona, fa mahafinaritra azy ny manitatra sy mamadika aza, mba ahazendana ny mpihaino liam-baovao. Ny « marina » anefa dia mijoro eo ampovoan'ny maizina toy ny tsangan'afo. Izay tsy te-hiraparapa dia hanatona ny mazava, raha tsy izany dia hanakimpy ny masony izy, fa manimba maso hono ny hazavana.

142) Izay mahazaka no omena ho entiny, ary izay mahatanty no hitambesarana.

143) Ny saina simban'ny ahiahy dia tahaka ny mpanankarena miambina ny volany, na voalavo mihetsika aza toa jiolahy tafiditra ny trano.

144) Izay mandositra adidy dia ho tratran'ny didy eny am-pandosirana izany.

145) Eo ilay zavatra, fa rehefa tsy alehan'ny saina ny hijery azy dia toy ny tsy misy akory izy.

146) Ny paika mipaka eo amin'ny baolina fingotra no heriny sy isehoan'ny maha-izy azy.

147) Voin-tenan'izay mihevitra ny tenin'olona eo amin'ny fotoana mahatezitra azy, fa izy niteny aza manenina rehefa mitony
ny fony.

148) Poizin'ny tokantrano ny ahiahy sy ny tsy fitokisana. Koa ny hitan'ny maso aza mbola hodian-tsy hita, mainka ve fa ny ren'ny sofina sy ny tombantombana fotsiny.

149) Manaiky sy manoa avokoa ny ao ankohonana rehefa mahay mifanaja ny mpivady, fa hamotsifotsy avokoa izy rehetra, raha ny mpivady aza tsy mahay mifanome voninahitra.

150) Izay manambady dia tokony hitandro ny hasin'ny fanambadiana, ka hiezaka lalandava tsy hanjarian'ny zava-masina ho kilalao.
Tsy misy anton-javatra tokony sy azo handravana azy. Azo esorina sy foanana avokoa izay mety hanimba azy – Tsy afaka hitoka-monina anefa ny mpivady – Koa dia fahendrena lalina no ilaina hananana, hahaizana mifanaraka sy mifandrindra amin'ny manodidina ny tena.

151) Ny adin'ny mpivady dia azo lazaina fa vadim-piainany, nefa rehefa samy mandini-tena satria mahatsiaro fa ny « vy tsy mikitrana irery » dia samy mieritreritra – ary dia milamina indray. Dia toy izany hatrany, ka hasasaram-poana ny mitabataba.

152) Tsy misy tanteraka eto ambonin’ny tany – misy lafi-ratsiny ny zava-tiana rehetra – fa matoa tiana dia teo amin’ny lafiny tsara no ijerena azy. Ny tsy tiana kosa dia ny tsininy no tsy miala eo amin’ny maso. Tsy misy olombelona tsy misy kilema fa ny fitiavana dia « tampi-maso » toy ny eo amin’ny soavaly, ka toy ny tsy misy ireny. Koa raha manjary hitanao ny kileman’ny vadinao, ary toa miseho ny soa eo aminao : tarehy na bika soa, na fahaizana, na voninahitra, na vola be, ka alaim-panahy hanomban-tena ho saro-bidy hoe : « zarany aza nanambady ahy », dia tsapao hoe sao niala ny tampi-masonao.

153) Tsy hita hojerena ny asan’ny tsikelikely, fa ny taloha sy ny ankehitriny ampitahaina no ahitana ny heriny.

154) Raha tsy te-ho resin’ny tsikelikely, dia manohera avy hatrany. Hidio ny varavarana, fa aza te-hanarangarana, satria ho mora ny hamohàna ny varavarana mitafitafy.

155) Tsy ilay zavatra tsy nomena ahy ka tsy ananako no mampalahelo ahy, fa ity izaho tsy nomena ilay zavatra.

156) Ahazoan’ny tsikelikely hery ny hatak’andro.

157) Ny tsikelikely no ahavitan-javatra, nefa ny tsikelikely koa no maharava zavatra.

158) Ny mafy indrindra aza no tena fandresin’ny tsikelikely, fa tsy mba ny malemy akory.

???

164) Haiko ihany ny mangina, rehefa tsy ilaina ny itenanako, saingy lalàn'ny rano ny mikoriana, ka raha tohanana dia hihoatra ka hanafotra ny tany.

165) Ny alahelo tsy mivoaka dia tsara raha lefy toy ny fanafody ela an-toerana ; fa ny ho toy ny vanja nafenina no ahĭna : mikendry tohina hipoahana.

166) Ahiahy, ahiahy : poizina mandaitra loatra – ka lozan'ny saina tratrany.

167) Ny mpivady rehetra dia mirotsaka eo an-tany fiadiana, koa samy misikina sy mivonona lalandava handresy fahavalom-piainana.
Ary raha lany hery dia amin'ireny ray amandreny nahatratra ny volamenany sy ny diamondrany ireny manovo. Ireny no hilaza fa ady mafy no noreseny.

168) Aza fatra-pamolaka sao manana ny tapaka.

169) Ny sain'ny olona sy ny fahatsiarovan-tenany ihany no miaro azy tsy ahavita ratsy, fa tsy izay fiambenana sy famaizana azy toy ny atao amin'ny biby tsy manam-panahy akory.

170) Tianao horaisina ilay zavatra, nefa tsy foinao hovoakasiky ny tànanao.

171) Ny antony iray lehibe isan'ny manimba tokantrano dia ny fakam-bavan'olona ; nefa raha ny vavan'ny olona no mahafaty dia efa be no maty ela.

172) Mihandrona amin’izay olona hiharany toy ny rano maloto ny vavan’ny olona, nefa ny fitànana ny maha-olona azy dia toy ny voninkazo manitra mitohoka eo amin’ny orona.

173) Matoky aho raha tsy resim-pitiavana ianao - Amin’izay mantsy dia ahajoro ny marina. Ny fitiavana dia mampitongilana.

174) Marina fa tsy tokony hofohazina ny fota-mandry, ary izay manantena zavatra ao anatin’ny voara, dia tsy ahita afa-tsy vitsika.

175) Matoa fehezina dia tiana hilamina. Ahoana anefa no hananana amboara tsara tarehy, raha tsy halamina aloha izay hofehezina.

176) Amin’ny « taranak’olona » toa antsika : ny hajan’ny razana dia manery ny tena hanaja ny tena.

177) Ny fehim-pihavanana dia natao ho an’ny fihavanana mirindra, raha tsy izany dia fehi-maty foana ka ketrahin’ny fahalovana.

178) Moa mba fantatrao ve fa iny balonin’ankizy tsofiny iny, dia mibontsina hatrany mandra-pahavakiny.

179) Eny ! Ry moka kely tia riaria, varianan’ny ladina mirindran’ny tranon-kala ve ianao, ka tsy tsinjonao ny tompon-trano mody matory eo afovoaniny io, tsy ho tra-masonao akory anie ny hitsoriahany mivoaka avy ao.

180) Raha herim-po, dia tompon’ny tenako aho, fa ny mihoatra noho izany, dia manakilasy tena amin’ny zazakely. Mahay maniry izay tiana rehetra, fa tsy hahazo afa-tsy izay natolotra azy.

181) Hitandrina ny teny aloaky ny vavany, izay olona mahatsiaro, fa olombelona ohatr’azy ny namany : nofo sy rà toy ny biby, saingy misy fanahy, ka mety halahelo.

182) Izany hoe : fahadiovana ve ?
Ny manam-bola ka te-hadio, dia madio tokoa, fa ao na ny manana aza tsy mivaky loha amin’izany. Ao koa ny miezaka ho amin’izany, na tsy dia ampy aza. Fa ny tsy manana ka tsy te-hiezaka, dia manilika amin’ny tsy fananany rahateo.

Aza matahotra ny fahafatesana, fa ny fiainanareo tsy zarizary no atahory.

Aza ny ronono no jerena fa ny ombivavy.

{ Tantara « Raneny » }

Iarivo, Imanga ! Terre de mes ancêtres !
Terre de Poina,
de Hagamainty et de Radama !

Iarivo, Imanga. Vous êtes perdues, perdues !
Oui, vous serez perdues !
Pourtant, mon Iarivo, mon Imanga,
pourtant, avant votre anéantissement,
Vous pouvez être sures de disposer de mon courage,
de ma vie, de mon sang
de mon moi
Ah ! Iarivo, Imanga !
Et quand viendra le jour fatal où,
parmi les partis et les morts,
les poussières et les cendres,
vous abandonnerez aux vers conquérants votre dos,
vos flancs, vos seins et vos huit ossements sacrés.
Ô Iarivo, Ô Imanga,
dans la résignation,
en attendant la mort,
moi aussi, dépouillé de mon entité.
Je vous pleurerai dans l'ombre
comme ronge son os un vieux chien !

de Rainandriamampandry (1836-1896)
à Farafaty Septembre 1885
Nadikako tamin'ny an'i Dadalala
(Dr Razafitsifehera)

Iarivo, Imanga.
Tanin'ny razako
Tanin'ny Poina, an'i Hagamainty sy Radama
Iarivo, Imanga !
Very ianareo…….. very.
Eny, ho very ianareo !
Kanefa, alohan'ny ahalevona anareo
Matokia ny herim-poko, ny fiainako, ny ràko avy amin'ny tenako.
E ! ry Iarivo, ry Imanga
Ary raha ho avy ny andro tsy azo hiodivirana, ka ho isan'ny lasa sy ny maty, ny vovoka sy ny lavenona,
Hilaozanareo ho an'ny olitra mpandresy ny lamosinareo,
ny kibonareo,
ny nononareo sy ny taolambalonareo masina.
O ! ry Iarivo, …… O ! ry Imanga,
ao anivom-piononana,
Mandra-piavin'ny fahafatesana,
Izaho koa, foana ny maha-izaho ahy.
Hitomany ao amin'ny aloka aho.
Horotehin'ny amboa ny taolana.

de Rainandriamampandry (1836-1896)
tao Farafaty Septambra 1885

Tsy manana zo hanasazy, raha tsy nampianatra.

R. Andriamanjato
mpitandrina.

Enga anie hanana herintsaina sahaza ny adidy, fa tsy adidy sahaza ny toe-tsaina.

Maurice Ratsimananda.